# Lesona 4: Ny Anjara Asan'ny Baiboly

## A. Nahoana no tsy tian'i Satana hamaky Baiboly ianao

1. Maneho miharihary ny tena toetran'i Satana ny Baiboly. Jaona 8:44; Apokalypsy 12:7-9, 12; 1 Petera 5:8, sns.
2. Fitaovam-piadiana mahery vaika hanoherana ny fahavalo ny Baiboly. Efesiana 6:17; Matio 4:1-11
3. Maneho tena toetran'Andriamanitra ny Baiboly. Fitomaniana 3:22-23; Zefania 3:17; Jaona 3:16-17, sns.

## B. Nahoana no zava-dehibe amin'ny Kristianina ny famakiana Baiboly

1. 2 Timoty 3:15-17 Manao ahoana no hanampian'ny famakiana Baiboly antsika hitombo amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra? (Jereo koa ny Jeremia 15:16; Salamo 119:105).
2. Nahoana isika no tokony hangataka ny Fanahy Masina hitarika antsika rehefa mamaky Baiboly? 1 Korintiana 2:13-14; Jaona 16:13
3. Iza ireo Kristiana voalohany namela ohatra tsara amin'ny famakiana sy fianarana ny Soratra Masina isan'andro? Asa 17:10-11
4. Inona no porofo hitanao ao amin'ny Filazantsara fa nandany fotoana lehibe hiraketana ny Tenin'Andriamanitra tao am-pony i Jesosy? Matio 4:4,7,10, 15:3-4,7-9, 22:36-40, sns.
5. Oviana no hahafantaranao fa ny famakiana Baiboly dia hanampy anao hitombo amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra?
6. Maro ireo fomba ahafahantsika mameno ny saintsika amin'ny Tenin'Andriamanitra ankehitriny. Inona no fomba nanampy anao indrindra? (faakiana dikan-teny samihafa, fihainoana Baiboly amin'ny raki-peo, drafitra famakiana Baiboly isan'andro amin'ny findainao, sns.)

## D. Ny maha-azo itokiana ny Soratra Masina

1. Inona no vavolombelona omen'i Jesosy momba ny maha-azo itokiana ny Soratra Masina? Jaona 17:17, 16:13-15, sns.
2. Inona no vavolombelona omen'ny apostoly Petera momba ny maha-azo itokiana ny Soratra Masina? 2 Petera 1:19-21, Asa 1:16, 2:16-21, sns.
3. Inona no fijoroana ho vavolombelona nomen'ny apostoly Paoly momba ny maha-azo itokiana ny Soratra Masina? Asa 28:23, 1 Tesaloniana 2:13, sns.
4. Inona koa no vavolombelona hafa ao amin'ny Soratra Masina manamafy ny maha-Tenin'Andriamanitra azy? 2 Samoela 23:1-3; Salamo 12:6; Ohabolana 30:5-6, sns.

## E. Ny zava-kendren'ny Soratra Masina voalohany indrindra

1. Inona no zava-kendren'ny Soratra Masina voalohany? Jaona 5:39-40; Lioka 24:27
2. Inona no boky ao amin'ny Baiboly hampirisihinao hovakian'ny olona iray voalohany? Nahoana?
3. Inona no amin'ny tenin'i Jesosy voarakitra ao amin'ny Filazantsara no tena misy heviny manokana aminao?